

Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina : mifanipaka tanteraka amin'ny filan'ny mponina ny ataony

Maro amin'ny Malagasy no tsy mbola mahay ny famaritana na dikan'ny voambolana « politique » izay nagasiana ho “politika”. Ny tena dikany anefa dia “hay raha” eo amin’ny fitantanana tanàna na firenena. Mitaky fahaizana lalina sy traikefa matotra eo amin’ny sehatra maro araka izany ny fisalorana ny anarana “politisiana” satria raha mirotsaka amin’ny fitantanana tanàna dia tsy maintsy manana fahalalana ny olana rehetra tsy maintsy hatrehina ary manana vahaolana mifanandrify amin’izany. Mitombo arivo, alina heny izany raha mikasa hitantana firenena. Niantso “atidoha” (cerveaux) ny filohan’ny Replibliko, Rajoelina Andry, hiaraka aminy hanavotra ity Firenena ity avy ao amin’ny lavaka mangitsokitsoka izay nadiany nivarinan’ny sehatra rehetra hatramin’ny taona 2009. Ny atidoha iray anefa tsy manana “hay raha” maro be fa roa aman-telo ihany. Azo nisaina amin’ny rantsan-tànana anefa no voatendry ho ao amin’ny rafitra mpanatanteraka ankoatr’izay tsy fantatra fa mety miasa mangina any ambadika any. Raha anaovana jery todika kely ny iraika ambiroapolo volana nitantanana’ny laharana 13 ny Firenena dia tsapa sy voaporofa fa niainga tamin’ny zavatra hita mirentrenty sy mahavarina tany ivelany no nandrafetana ny “Finiavana hanandratra an’i Madagasikara”: IEM, fa tsy nitsiry avy amin’ny traikefa nananan’ny filohan’ny Repoblika nandritra ny nitantanana’ny Firenena tamin’ny tetezamita. Araka izany dia tsy nisy fivoarana sy fiovàna ho amin’ny tsaratsara kokoa ny fainam-pirenena eo amin’ny sehatra rehetra. Tsy misy zavatra maty paika sy voasaina tsara izay tenenina rehetra, ka lasa poakaty sady misavoana no tsy misy fototra iorenenny. Manampy trotraka izany ny fisaviliana ny lamasinina efa niainga tamin’ny fotoana nitondran’ny teo aloha. Na izany aza dia tsy haingam-pandeha araka ny nanantenana sy nampanantenana azy ilay lamasinina satria tsy mihodina akory ny maotera, asa na tsy misy solika na tsy ampy ny angôvo. Herintaona ngarangidina lany andro tamin’ny tetikasa nidoftora tamin’ny rindrina, na mba nanangana fotodrafiratsa

izay niteraka savorovoro na ara-tsosialy na ara-kolontsaina. Nitsidika ny taona 2020 izay nantenaina fa hahazoana naoty roapolo amin’ny roapolo (20/20) kanjo ny loza efa mby an-koditra tsy nahitana vahaolana dia tonga indray ny hatambo, Covid-19, izay na-maivanina satria efa vonona tamin’ny fiaterehana izany, hono, ny fitondrana sady tsy atahorana noho ny valanaretina efa nandalo teto, toy ny pesta ohatra. Ny nahavariana anefa dia nambara ny “hamehana ara-pahasalamana” (état d’urgence sanitaire), izay midika ho tsy misy mahazo mihetsika raha tsy manaraka ny toromarika omen’ny fitondrana. Tsapa tokoa tato anatin’ny dimy volana fa manao izay tiany atao ny mpitondra, misy ny tsy fanajana ny zon’olombe-lona, ka samborina sy gadraina izay olona heverina fa mitady hisongona na hampangaina fa manozongo-zona ny fahefam-panjakana. Kitihana daholo izay lalàna hitan’ny mpitondra fa mety ho sakana ho azy tsy afaka hirosoana amin’ny fampivangongoana ny fahefana ho eo am-pelatanany, mba tsy hisian’ny fitsinjaram-pahefana tena izy. Tsy misy governora ao amin’ny Lalàmpanorenana ary fidiana ny lehiben’ny Faritra fa tsy tendrena, itsahina ny lalàna fototra ka-nefa izao fitondrana izao ihany no nandrafitra ny Lalàmpanorenana ankehitriny. Voarakitra ao ihany koa fa 63 ny Loholona kanefa tsy henatra tsy tahotra fa hahena ho 18 izany satria mpomba ny fitondrana teo aloha ny maro an’isa ao ankehitriny, ka heverin-dry lokon-doranji fa sakana ho azy eo amin’ny fampandaniana lalàna izany, ka te-ho maro an’isa toy ny tam’ny filankevitra ambonin’ny tetezamita indray ireto tafaverina eo amin’ny fitantanana ny firenena ireto. Mila rantovina fa tsy haihay foana tokoa ny fitantanana ny Firenena ary traikefa tamin’ny sehatra hafa no nalaina hany ka tsy mifanojo sy mifanipaka tanteraka amin’ny tena filan’ny mponina tsy vakivolo sy ny sehatra rehetra misy ny tetikasa noketrehin’ny “atidoha” nantsoina.

Andry Tsiavalona

Manombo Atsimo, Atsimo Andrefana

Toherina ny kolikoly amin’ny endriny rehetra, hajao ny zon’ny olom-pirenena

Manohana ny fanajana ny zon’ny olompirenena ao Manombo Atsimo, faritra Atsimo Andrefana sy manohitra ny kolikoly amin’ny endriny rehetra any an-toerana ny fikambanana Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY. Ny BLUEOCEAN LTD, orinasa aziatika nijoro teto Madagasikara ny volana january 2019, dia mikasa hiorina ao amin’ny kaomina ambanivohitra Manombo-Atsimo, faritra Atsimo Andrefana, mba hiasa amin’ny fambolena akorandriaka sy ny fanondranana ireo vokatra avy amin’ny hazan-dranomasina. Izany orinasa izany dia tompon’andraikitra amin’ny fihetiska misy vokany mampidi-doza amin’ny zo ara-toekarena, sozialy ary kolontsain’ny vondrom-piarahamonina manodidina, ary koa amin’ny tontolo iainana an-dranomasina ao an-toerana. Ny fitrandrahana ataon’ny orinasa ao amin’ity tanàna kelin’ny mpanjono Vezo ity, dia voalaza fa tokony hiha-naka eo amin’ny 250 he-

kitara eo amoron-drano-masina, ary hisy fiantrai-kany mety hanimba ny antom-piveloman’ireo mpanjono madinika sy ireo honko, izay misy am-pahany tena manandanja eo amin’ny harena voajanahary lovain-jafy ao an-toerana. Na dia tsy mbola eo am-pelatanany avokoa aza ny fahazoandàlana ilaina amin’ny asany, dia mikasa ny hipetraka eo amin’ny toe-rana atao hoe Milikoke ireo mpanohana an’i BLUEOCEAN, toerana manan-tantara izay misy ny fasan’ny mponina, izay manohitra ny fanalàna azy ireo. Fanampin’izay, ireo mpivoy sy mpanohana ny orinasa BLUEOCEAN LTD dia miray tsikombakomba amin’ny kolikoly sy fanararaotam-pahefana ataon’ny mpira-dia aminy eo anivon’ny manam-pahefana ao an-toerana, izay “toa namanantenana fanomezana ara-bola be, ho mariky ny fankasitra-hana (commission)” hono. Ankoatr’izany, dia heno fa nandrahona ireo mpitarika ny fikambanana

Femmes en Action Rurale de Madagascar (FARM), tamin’ny alàlan’ny antso-an-tariby ny mpanohana ny orinasa. Manohitra ny fiorenan’ity orinasa ity ao amin’ny tanànanay mantsy ny ankamaroan’ny mpikambana amin’ny FARM, na eo aza ny vola nolazaina fa homena azy ireo ho takalon’ny fanekeny. Ankoatr’izany, vehivavy maro mpikambana ao amin’ny FARM, izay nin-drana vola tamin’ny mpivaratra iray ao an-toerana-sady manam-pahefana eo an-tanàna manohana ny fananganana ny BLUEOCEAN LTD ao Manombo ihany koa - no nentina tany amin’ny tobin’ny zandarimaria ary nasaina nanome ny faneke na ny tetikasan’ity orinasa ity, raha tsy izany dia hahazo sazy noho ny trosa tsy voaloa. Manoloana an’io toe-javatra io, ireo fikambanana manao sonia ity fanambà-rana ity dia miantso ny tompon’andraikitra maha-fa, mba hanatanteraka amin’ny fomba mahomby ny fanaraha-maso ny zavatra ataon’ny orinasa

BLUEOCEAN LTD manokana, sy ireo mpampiassa vola vahiny amin’ny ankapobeny eo amin’ny sehatry ny toekarena manga, mba tsy hahatonga ny fampandrosoana azy ho lasa antony hampanjakàna ny kolikoly sy hanitsakitsahana ny zo fototry ny vondrom-piarahamonina any ifotony. Tena maika ny fandraisana fe-petra satria mirongatra mihamaro ny fihetsiketse-hana ataon’ny mponina manerana ny firenena vokatry ny fahakiviana mihàtra amin’ny vondrom-piarahamonina matrika tetikasan’ny mpampiassa vola, toy ny tranga misy any Vohilava distrikana’i Mananjary, hoy ihany ity fanambarana avy amin’ny Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY ity.

Ny Valosoa

Dokam-baratra
NY VALOSOA
Gazety misého intelo isan-kérinando VAOVAO
Tel. 034 79 076 00

ANTANANARIVO RENIVOHITRA**Tsy afak’i Vazahabe ny fako, tsy vita ny lalana simba**

Tao anatin’ny andro maromaro izao dia mparitaka eto Antananarivo Renivohitra ny fako be mivangongo, hita fa tsy afak’i Vazahabe sy ny ekipany ny fako, nefo efa samy mpiara-dia amin’ny fitondrana avokoa ankehitriny n any kaominina (CUA), n any Samva. Mbola tsy tonga akory ny volana fiakaran’ireo voankazo isan-karazany dia efa tsy voaraokan’ny ben’ny Tanàna Naina Andriatsithaina sahadyn fako, mainka fa rehefa avy ny orana tsy asa fotsiny? Raha ny tokony ho izy, tsy tokony hisy olana intsony ny fanesorana ny fako eto Antananarivo Renivohitra, satria efa mitovy tadin-dokanga sy mitovy loko ny SAMVA sy ny CUA araka ny voalaza teo. Tamin’ny fitondràn’ny ben’ny Tanàna teo aloha Lalao Ravalomanana dia ny mifanohitratr amin’izany no niseho, fa amin’ny maha-mpitondra ny Tanàna azy dia tsy maintsy nitady vahaolana izy nandiovana ny Tanàna na tsy nahazo ireo fanampiana tokony ho azon’ny kaominina Antananarivo renivohitratr avy amin’ny fitondràn’ny foibe aza. Ankehitriny, gaga ny rehetra fa toa mbola miaina ao anaty loto ny tanànan’Antananarivo, na efa nampilendalendaina kamiao sy dabam-pakoaza tamin’ny fampielen-kevitra ny mpitondra ankehitriny. Sa tetika hakana ny fon’ny olona tamin’ny propagandy fotsiny ireny tamin’ily fampantan-tenana hoe : ‘tsy maintsy madio ny tanànantsika’ ? tsy izay anefa no miseho fa ny mifanohitratr amin’izany no miseho amin’izao fitondràn’ny ben’ny Tanàna Naina Andriatsithaina izao, toy lasa toy izao ilay filamatra hoe: ‘ny tanànantsika lasa maloto’. Ny lalana sambafeno lavadavaka hatramin’izao tsy vita, nolavahana izy ireny efa ho iray volana izao, nefo tsy vita fa mijanona eo fotsiny ary mampijaly ny mpitondra fiarakodia, miteraka fitohanana lavareny. Ny toeram-pivarotana Zay Maika etsy Analakely, simba efa volana maromaro, mbola tsy azo ampiasaina hatramin’izao. Tena tsy Zay Maika intsony ity fitondran’i Vazahabe an’Antananarivo ity fa Zay Mitarazoka.

Helisoa



TONONKALO

Ny mpitondra ny tanàna

Maika ery ireo mpitondra ny hanasazy sy haka vola. Tena tsisy afa-tsy izay no tetikadin-dry lesola ! Toa tsy mihevitra mihitsy ny mba hoe hanitsy aloha, Fa dia ny hanasazy hatrany, izay no masaka ao an-doha !

Ny fampianarana vahoaka, fijoroana ho modely, Dia tsy anaty tondrozotran’izy ireny velively, Toa ny mifanohitratr aza no asehony eny an-kianja: Izay raràny lalàna ,miampy teny tsy voalanja !

Ireo mpitondra izay nodimbiasany no hazainy sy tebahiny, Saingy ny azy toa tsy hitany iretsy maribonahiny ! Zaoridira mivangongo, tsisy fainana mirindra. (Eran-tany dia ny eto no isan’ny maloto indrindra !)

Toa tsy miomana ny handray izay tokony ho andraikiny izy, Fa ireo vahoaka tsotra, miaina anatin’ny kirizy, Tsy mba manana tahiry, tsy mahita izay hohaniny, Ireo indray no hakany vola sady mbola ilàny vaninny !

Izay mba endri-pampianaranana ny fitiavan-tanindrazana, Asa re raha mba ananany, fa hatreto dia tsy tazana ! Fampandoavana lamandy, resa-bola no hany fainainy . Izay no manavanana azy sy ireo mpanolotsainany !

Izany ve no ho modely sy fitaratra hojerena, Nefo izay rehetra ataony, mampisento, mahonena ? Inona no hijoroana nefo tena tsisy hafitsoka ? Sao hitondra anay vahoaka ho any an-davaka mangitsoka !

DADAN’I ZINA (14-09-20)